REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

# SONGADINA

## MINISTERAN'NY FAHASALAMAM-BAHOAKA

# Fanomezana lanja ny MAHAOLONA eo amin'ny lafiny fahasalamana ny fanamby tao anatin'ny 100 andro

**Laharana N°001**
Daty nivoahana: aprily 2024



*Ny fananana vahoaka voaaramaso ara-pahasalamana fony izy mbola zaza dia miantoka ny fahavitrihana ara-batana sy ara-tsaina ho entiny mialehibe, ka ahafahany mitondra fampandrosoana ho an'ny ankohonany, ny manodinana azy ary indrindra ho an'ny Fireneny.*

Zava-bita 100 ANDRO
Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka

Ambohidahy - Antananarivo
dircom@gmail.com



Ry mpamaky hajaina,

Ianareo mpisehatra rehetra amin’ny fahasalamana izay manolo-tena hanasoa ireo mpiray tanindrazana.

Ankoatra ny maha tomponandraikitra voalohany ahy mahakasika ny Fahasalamam-bahoaka eto Madagasikara, dia resy lahatra ary miezaka aho manatsara hatrany ireo tolotra ara-pahasalamana ho an'ny rehetra. Ankoatra ny maha zo fototra amin'ny maha olombelona ny fahasalamana, amintsika Malagasy dia voalohan- karena izany fahasalamana izany.

Etoana aho dia mankasitraka manokana an’ireo mpiara-miasa sy mpisehatra mafana fo toa anao ary mitovy fomba fijery amiko mahakasika ny fahasalamana.
Miasa sy manolo- tena am- pitiavana isika ho an’ ny fahazoan’ny tsirairay misitraka fitsaboana ara-kalitao, satria mino isika fa ny fahasalamana no andry fototry ny fampandrosoana maharitra ny firenentsika.

Isan’ny andry telo lehibe amin’izao fe-potoana iasan’ny Filohan’ny repoblikan’i Madagasiakra, Andriamatoa Andry Rajoelina izao ny fampiroboroboana ny maha Olona.

Etsy andaniny dia tafiditra ao anatin’ireo laharam-pahamehana anatin’ny Politika ankabopen’ny fanjakana ny fandrindrana fiainam-pianakaviana ary fanamby apetraky ny Ministeran’ny Fahasalamam-bahoaka ankehitriny ny fanapariahana izany ho an’ireo rehetra izay mila izany. Ankoatra ny maha-zava dehibe azy eo amin'ny fananahana ara-pahasalamana, izay kitro ifaharan’ny fampihenana ny tahan’ny fahafatesan'ny reny eo am-piterahana, dia singa iray mamaritra ny fampandrosoana izy. Ny mponina manana fahafahana misafidy ny isan’ny zaza hateraka sy ny fotoana hananany zanaka, dia vahoaka manana ny fahafahana sy tompon’andraikitra manabe ny taranany, manao laharam-pahamehana ny fahasalamany ary mitondra ny anjara birikiny amin’ny fampandrosoana amin’ny alalan’ny fananana asa mifanaraka amin’ny faniriany. Izany no mahatonga ny fandrindra fiainam-pianakaviana manana anjara toerana lehibe ao anatin’ny Politika ankapoben’ny Fanjakana.

Etsy ankilany kosa dia mitohy hatrany ny maha laharam-pahamehana ny fanatsarana ny tolotra ara-pahasalamana amin’ny alalan’ny fanatsarana ny fampitaovana eny amin’ny tobim-pahasalamana, sy ny fanofanana mitohy an’ireo mpiasan’ny fahasalamana.
Zava-dehibe ny fifandraisana sy ny serasera. Ary tsy diso anjara ny sehatry ny fahasalamana. Mivoatra manaraka ny teknolojia ny fiseraserana eto anivon’ny Ministeran’ny Fahasalamam-bahoaka ahafahan’ny olom-pirenena mahazo vaovao marina sy mari-pototra mahakasika ireo tokony ho fantatra rehetra eo amin’ny lafin’ny fahasalamana. Miroso amin’ny fampiasana nomerika ny Ministeran’ny fahasalamam-bahoaka mba hampiroboroboana ny fanentanana ara-pahasalamana, hampahalalana ireo tolotra ara-pahasalamana ary hampivelatra ny fifanakalozan-kevitra mangarahara eo amin'ny mponina.

Madagasikara manana vahoaka salama sy mandroso no tanjona ary manao ny ezaka rehetra ny eto anivon’ny Ministera hanatanterahina izany.

***Miara-miasa ho an’i Madagasikara salama sy mandroso isika.***

*Ministry ny Fahasalamam- bahoaka*
*Pr.Zely Arivelo RANDRIAMANANTANY*






# FANAOVAM-BAKSINY

## NIROTSAKA AN-TSEHATRA HO RENY MPIAHY NY FANAOVAM-BAKSINY NY ZAZA ETO MADAGASIKARA NY VADIN'NY FILOHAM-PIRENENA, Ramatoa Mialy RAJOELINA

**1 015 200** ny zaza vita vaksiny nandritra ny hetsika 100 andro

**100 102** ny zaza zéro dose



**PAIKADY NAHOMBY ARY VOKATRA AZO TSAPAIN-TANANA NY FITETEZANA ISAN-TOKANTRANO, AHAFAHAN'IREO ZAZA MISITRAKA NY VAKSINY SAHAZA AZY**

Ity taona 2024 ity dia natokan'ny fitondram-panjakana sy ny Ministeran'ny fahasalamam-bahoaka ho taom-panaovan'ny vaksiny. Taorian'ny valanaretina Covid-19 dia nidina ny tahan'ny fanaovam-baksiny manerantany, koa teto Madagasikara dia ny **2019 hatramin'ny Martsa 2024 dia eo amin'ny 1.200.000 mahery kely ny isan'ny zaza tsy nisitraka vaksiny mihitsy.** Ireo zaza ireo anefa no tena marefo ka mila arovana haingana, koa nametraka paikady ny Ministeran'ny fahasalamam-bahoaka nanomboka tamin'ny janoary teo mba hampiakarana ny tahan'ny zaza Malagasy vita vaksiny.

**Paikady nampiharina mba hampiakarana izany tahann'ny fanaovam-bakisiny izany ohatra ny:**

- Fanokafana amin'ny fomba ofisialy ny taom-panaovam-baksiny tany Toamasina
- Fanaovam-baksiny manakaiky vohitra fara-fahakeliny 05 andro isambolana
- Ireo fitsaboana manakaiky vahoaka natao
- Ny fiaraha-miasa tamin'ny mpanentana ara-pahasalamana sy ny ireo olobe to-teny
- Ny fametrahana fifandraisana tsy misy elanelana omba-toro-marika isanandro mankany amin'ny ekipa ifotony.

**Vokany:**

Ankizy vita vaksiny ny volana Janoary hatramin'ny volana Martsa 2024: **1.015.200 ankizy ary ny zaza miisa 100.102 amin'izy ireo dia tsy mbola nisitraka vaksiny mihitsy**.

Noezahina notratrarina tamin'izany paikady fanakaikezana ny vahoaka izany ny fanaovana vaksiny an'ireo zaza any amin'ny toerana mitoka-monina.

# FONDS D'URGENCE

## NAMPIHENA NY TAHAM-PAHAFATESANA VOKATRY NY VOINA TAMPOKA NY FISIAN'NY "FONDS D'URGENCE ENY ANIVON'NY HOPITALIM-PANJAKANA SY NY TOBIMPAHASALAMA






Miezaka ny Fitondram-panjakana ankehitriny izay tarihin'ny Filohan'ny Repoblika Andry RAJOELINA, manatsara ny rafi- pahasalamana misy eto Madagasikara. Asa izay imasoan'ny Minisiteran'ny Fahasalam-bahoaka ho fampiroboroboana ny lafin'ny maha olona ny fahafahan'ny Vahoaka misitraka fahasalamana tsara kalitao sy manaraka ny fenitra, izay tafiditra tanteraka ao anaty politika ankapoben'ny Fanjakana.

Tsy misy manairy ny harary koa ny ankaroan'ny Malagasy dia misedra olana raha sendra ny tampoka ka miditra hopitaly vokatry ny aretina ary maro no sahiran-tsaina amin'ireny fotoan-tsarotra ireny.
Ho fitsinjovana ireo olona tojo tsy fahasalamana tampoka, toy ny Lozam-pifamoivoizana, ireo aretina maro samihafa izay mety mahazo ny tsirairay, dia natao maimaim-poana ny fisitrahana ny « vonjy aina » na « Fond de premiers soins d'urgence » eny anivon'ireo Hôpitaly miankina amin'ny fanjakana,izay tonga hatr'ny anivon'ireo CSB nanomboka tamin'ity taona 2024 ity.

Satria « Sarobidy tokoa ny Aina » dia nanampy sy namaha ny olan'ny olona maro araka izany ny fisian'ny tolotra maimaim-poana ary nanafaingana ihany koa ny fandraisana an-tanana ireo marary ho fanavotan'aina.
Paik'ady iray izay nirosoan 'ny Fitondram-panjakana ny fampahafantarana izany ho an'ny sarambabembahoaka, ahafahana misoroka ny kolikoly, ary mampirindra an-tsakany sy an-davany ny andraikitra izay iantsorohan'ireo mpiasan'ny fahasalamana.
Nanomboka ny 15 Oktobra 2021 ny nametrahan'ny Filoha tamin'ny fomba ofisialy an'io fonds de premiers soins d'urgence io ary efa aman'hetsiny ny Vahoaka Malagasy tra-doza na narary tampoka no efa nisitraka izany tolotra izany mandrak'ankehitriny.

# FAHASALAMANA MANAKAIKY VAHOAKA

Anisany politika ankapobeny ny fitondram-panjakana ny fijerena ny maha olona ka notanterahany amin'ny alalan'ny Ministeran'ny fahasalamam-bahoaka. Maro ny tolotra ara-pahasalamana manokana na soins spécialisés no tsy afaka sitrahan'ny Vahoaka Malagasy noho ny antony maro samihafa. Mba hamahana izany olana izany no nitarihan'i **Ramatoa Mialy Rajoelina Filohan'ny Association FITIA** ny hetsika caravane médicale nanomboka tamin'ny taona 2019. Efa hetsika **miisa 24** izay no natao ary ny **faha-25 dia ny caravane médicale Sarobidy** ny aiko natao nandritra ny fankalazana ny andron'ny vehivavy 08 martsa.

Niara nisalahy tamin'ny fanatanerahana izany ihany ko ny Ministeran'ny Filaminam-bahoaka ary ny Ministeran'ny Mponina sy ny Firaisan-kina.
Faritra maro no nisitraka an'izany: Moramanga, Brickaville, Fenerivo Atsinanana, Tomasina I Ary olona manodidina ny **25 548 isa** no nahazo tolotra aram-pahasalamana maimaim-poana. **77 544** no voaentana amin'ny fiovam-pietsika hananana fahasalamana mendrika.



# CARAVANE MEDICALE

## 103 392

### ny olona nisitraka ny tolotra hoetin'ny Caravane Médicale

**Karazana tolotra tsy latsakin'ny 20 no nisitrahan'ny vahoaka, toy ny :**

*Fizaham-pahasalamana ankapobeny*
*Fahasalaman'ny maso sy sofina*
*Fananahan'ny vehivavy*
*Echographie*
*Fandrindrana ny fiainam-pianakaviana*
*Fizaham-pahasalamana mandritra ny vohoka*
*Fahasalaman'ny nify sy ny ati-vava*
*Fitiliana ny tsy fanjariantsakafo eo amin'ny zaza latsakin'ny 5 taona*
*Fanaovana vakisiny*
*Fitiliana Diabeta*
*Fitsapana tosi-dra*
*Fitiliana VIH/SIDA sy ny aretina azo avy amin'ny firaisana ara-nofo*
*Fihainoana sy fandraisana an-tanana ny olona hiaran'ny herisetra miankina amin'ny mha lahy na maha vavy*
*Fijerena sokajin-dra sy fanomezana ra*





# MIROSO AMIN'NY TEKNOLOJIA VAOVAO NY FOMBA FAMATSIANA NY FANAFODY ENY AMIN'NY TOBIMPAHASALAMANA

# FAMPIASANA NY "DRONE"

## 127 CSB

### no efa misitraka ny fahazoana ireo fanafody ara-potoana amin'ny alalan'ny sidina drône

Maro ny tobim-pahasalamana fototra no miorina amin'ny toerana saro-dalana ny kaominina sy distrikta misy azy. Mba hamahana izany olana izany dia miara-miasa amin'ny mpiara-miombon'antoka USAID/IMPACT sy AFD/FID ny Ministeran'ny fahasalamam-bahoaka efa nanomboka ny taona 2019 mba anatanterahana ny fanaterana ny fanafody amin'ny alalan'ny drone, izany hoe amin'ny alalan'ny sidina anabakabaka.

Afaka mitondra fanafody hatramin'ny 10 kilao isaky ny sidina ny "drone" iray ary mahavita sidina manodidina ny in-5 isan'andro ary mandeha hatrany amin'ny 100 km isaky ny sidina.
Tombony lehibe ny ahafahan'ny vahoaka mipetraka amin'ny toerana saro-dalana misitraka fanafody tsara kalitao, ara-potoana ary amin'ny filany amin'ny alalan'ity tetikasa ity.

Ka sidina 4200 no efa notanterahina hatreto ary CSB miisa 127 ao amin'ny faritra Atsinanana, Analanjirofo, Sava, Sofia ary Melaky no efa novatsiana fanafody toy ny fanafody miaro amin'ny tazomoka, ny fandrindrana Fiainam-pianakaviana ary ireo vaksiny maro samihafa.

Ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka sy ireo mpiaramiombonantoka aminy dia tsy mitsahatra ny manatsara hatrany ny rafitra ara-pahasalamana ahfahan'ny fahasalamana manakaiky kokoa ny vahoaka.



## SAROBIDY NY AINA ARY ILAINA FANARAHA MASO MANOKANA



# MONITEURS DE SURVEILLANCE

## 750 ireo " Scope multi paramétrique " nozaraina manerana ny Hopitalim-panjakana

Tsy mitsahatra mitady hevitra hanatsaràna hatrany ny tolotra ara-pahasalamana ny fitondram-panjakàna amin'ny alalan'ny Ministeran'ny fahasalamam-bahoaka sy ireo mpiara miombon'antoka aminy, ka vahoaka salama , firenena mandroso no tanjona .

Mendrika ny tsara indrindra hatrany ny Malagasy ka ho fanatsaràna ny tolotra ara-pahasalamàna dia mitohy hatrany ny famatsiana fitaovana vaovao sy manaraka ny fivoaran'ny teknolojia ho sitrahan'ny daholo be.
Ho fanantaterahana izany lohahevitra izany, ny hopitalim-panjakana manerana ny nosy tamin'ity telo volana voalohany ity no nisitraka :

## 120 ECG no tafapetrakana eny amin'ny sampana Vonjitaitra ATU manerana ny Nosy

- Fitaovana antsoina hoe "scopes multi paramétriques " miisa 750, ahafahana manaramaso marary avy niatrika fandidiana na sendra ny fahasarotana ka ilaina fanaraha-maso akaiky no nozaraina mba ma-nampy ireo mpitsabo amin'ny fandraisana an-tanana ny marary
- Fitaivana fijerena ny fiasan'ny fo antsoina hoe ElectroCardioGramme na ECG miisa 120 no naparitaka any amin'ireo sampan-draharaha misy vonjitaitra na ATU sy ny sampan-draharaha misy fameloman'aina na reanimation, hanampy an'ireo ECG miisa 200 izay nozaraina teo aloha ho an'ny sampa-drahara misy hospitalisation.



# ADY AMIN'NY TAZOMOKA



## 267 803

### ireo mpianatra nozaraina fanafody miaro amin'ny Tazomoka

Amin'ny firenena tropikaly an'i Madagasikara dia ady atao mandavantaona ny ady amin'ny areti-mifindra koa dia tena isan'ny laharampahamehan'ny fitondram-panjakana ankehitriny amin'ny alalan'ny Ministeran'ny fahasalamam-bahoaka izan. Anisan'ireny ny ady amin'ny aretina tazomoka izay mbola mijanona ho antony faharoa hanantonan'ny olona ny tobim-pahasalamana raha ho antsika eto Madagasikara.
Miisa 267 803 ireo mpianatra nozarana fanafody maimaim-poana miaro amin'ny tazomoka mba ho fiarovana azy ireo .

Fotoana mampirongatra ny tazomoka ny fotoam-pahavaratra ka lasibatra amin'izany ny zaza 05 Taona ka hatramin'ny 14 taona ka manjary tapatapaka ny fianaran'izy ireo amin'izany. Noho izany dia nozaraina fanafody fisorohana ny tazomoka in'efatra misesy ny zaza 05 taona-14 taona ao amin'ny distrika dimy : Ankazoabo , Beroroha , Ambatomainty , Tolagnaro ary Vangaindrano. Nanomboka ny volana desambra 2023 ka hatramin'ny volana Martsa 2024 no nanaovana izany .




Paik'ady vaovao napetraka hanafainganana ny fandraisana an-tanana ny marary voan'ny tazomoka ny hetsika fizarana fanafody isantokantrano izay ahitana trangan'aretina ary dia manao tohi-vakana amin'ny fanatanterahana izany ireo mpanentana ara-pahasalamana voahofana ho fanamorana ny fandraisana antanana ireo marary .

> “ **Malagasy tsy ho fatin'ny tazomoka**




# PORTES OUVERTES



## SAROBIDY NY FAHASALAMANA

Nanao tohi-vakana ireo hetsika izay nahitàna tolotra ara-pahasalamana maro sy MAIMAIMPOANA notontosain'ny Fitondram-panjakana Malagasy tamin'ny alalan'ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka sy ireo Mpiara-miombon'antoka aminy. Ny fananana vahoaka Salama no antoky ny fandrosoan'ny firenena iray ka nentina nanakaiky ny vahoaka ny Varavarana Misokatra eny anivon'ireo hopitalim-panjakana eny anivon'ny distrikta sy ny faritra nanerana ny Nosy ny 22-23-24 febroary 2024.

Vahoaka miisa 65 433 isa no tonga namaly ny antso ka nisitraka ny tolotra ara-pahasalamana tamin'izany, nisy tamin'izy ireo aza dia nisitraka fandidiana maimaimpoana.



**Santionany vitsivitsy amin'izany ireto antontan'isa manaraka ireto:**

| | |
|---|---|
| 1912 | no nahazo fizaham-pahasalamana manokana |
| 3674 | no nisitraka Échographie |
| 3131 | no nanalana nify |
| 258 | no nahazo fandidiana hernie |
| 136 | no fandidiana hafa |
| 228 | no nisitraka fitiliana homamiadan'ny vozony tranon-jaza |
| 313 | no nahazo fitsaboana ny Areti- maso |
| 296 | no nisitraka ny Fitarafana |

**65 443**

**ny olona nisitraka ny varavaravarana misokatra natao teny amin'ny Hopitalim-panjakana**



# ADY AMIN'NY PESTA

## NIHENA 40% NY TRANGA PESTA TETO MADAGASIKARA

### Vahoaka tompon'andraikitra, sarotiny amin'ny fahasalamany no afaka miady amin'ny aretina

Miainga avy eny ifotony ny paikady tena mahomby raha mikasika ny ady amin'ny pesta satria ny fandraisan'ny vahoaka an-tanana ny fahasalamany amin'ny alalan'ny fanadiovana ny manodidina ny trano, fisakanana ny voalavo tsy hiakatra an-tanana no isan'ny fepetra fototra irosoana amin'izany. Ny fampahafantarana sy fampandraisana andraikitra ny vahoaka no paikady nampiharina manoloana izany ka nahafahana nampihena ny tranga pesta indrindra any amin'ireo Distrika tena betsaka olona voan'ny Pesta.

Azo tsapain-tanana ny vokatra satria raha noharina tamin'ny taon-dasa dia nahitana fidinan'ny taha hatramin'ny 40% tamin'ity taona 2024 ity.

Fanampin'ny fanentanana amin'ny fanadiovana izany ny famporisihina ny isam-batan'olona amin'ny fikajiana ny tontolo iainana. Ary mba hisorohana ny tranga fahafatesana eny anivon'ny fiaraha-monina vokatry ny fahataran'ny fandraisana an-tanana ny marary dia namafisina ny fampahafantarana ny trangan'aretina teny anivon'ny fiaraha monina.

Miara-misalahy amin'izany ady izany avokoa ny ankolafin-kery reehtra voakasiky ny ady, dia ny prefektioran'ny faritra, ny fileovana, ny rantsa-mangaikan'ny ministeran'ny rano, fahadiovana sy fidiovana, ny ministeran'ny tontolo iainana, ny ministeran'ny fambolena sy ny fiompiana, ary ireo ben'ny tanana miahy ny vahoaka eny ifotony.

Ny hanafoana ny tranga pesta eto Madagasikara no tanjona ka mbola mitohy hatrany ny fidinana ifotony hiarahana amin'ireo ankolafin-kery samihafa ireo.



(c) Ministère de la Santé Publique_Avril 2024
DivProd-SCM/DIRCOM/MSANP